


Tena atairana tokoa ny an'ny rehetra raha vao nandre ilay tranga. Satria tokoa eo am-pandaminana ny sary rehetra nalaina teny Antsahatanteraka any Antsirabe aho. Mirakitra ny Lamesa namaranana ny JMJ MADA X.

Ekena fa tsapa ihany fa *"tsy en forme"* ny Evekan'Antsirabe ary nisy *"tuyau"* fandefasana *"oxygène"* mihitsy no nivoaka avy eo amin'ny orony. Tazana koa izy fa nipetraka hatrany ary nisy olona hatrany koa taoriany.


Notre Dame de La Salette, Antsirabe, 06.09.2022. Fiandrasana ny nofo mangatsiakan'i Mgr Philippe RANAIVOMANANA

Araka ny vaovao (*"infos"*) voaray, dia efa tamin'ny nanaovana ny Lalan'ny Hazofijaliana izy no *"tsy en forme"*. Ny marina dia efa ela ela ihany izy no tsy salama. Kanefa efa ny Sabotsy 03 Septambra, tamin'ny fanatontosaina ny Lalan'ny Hazofijaliana, teo amin'ny Araben'ny Fahaleovantena ao Antsirabe no efa voamarika fa vizana ara-batana izy.

Na izany aza dia tonga teny Antsahatanteraka ny Monsenera Philippe. Satria izy no Evekan'Antsirabe.




Monseigneur Philippe Ranaivomanana. Araka ny hita eo amin'ny sary, na dia tsy afaka nitsanga firy izy, noho ny aretina nikika azy, dia tonga tao Antsahatanteraka Antsirabe ihany izy nanatrika ny Lamesa namaranana ny JMJ MADA X, ny Alahady 04 Septambra 2022.
Ny Talata 06 Septambra 2022 maraina izy no nodimandry, teo amin'ny faha-73 taonany. Tontosany hatramin'ny farany ny asany tety an-tany.
Mandria am-piadanana, Monseigneur Philippe !
Jeannot Ramambazafy sy ny ekipan'ny madagate.org



Antsahatanteraka Antsirabe, Alahady 04 Septambra 2022. Lamesa namaranana ny JMJ MADA X. Monseigneur Philippe Ranaivomanana, Évêque d'Antsirabe, sy Monseigneur Odon Razanakolona, Archevêque d'Antananarivo

Mandria am-piadanana, Monseigneur Philippe




Antsahatanteraka Antsirabe, Alahady 04 septambra 2022. Lamesa namaranana ny JMJ MADA X. Eo amin'ny sary eo anoloana, ankavia miankavanana : Son Eminence, Cardinal Désiré Tsarahazana; Son Excellence, Monseigneur Fabien Raharilambonaiaina; Son Excellence, Monseigneur Philippe Ranaivomanana

[illegible]




[illegible] RAKOTONDRAVAHARA ho




[illegible]



Mgr Philippe RANAIVOMANANA

[illegible]

**Harilala Randrianarison**

Ary ny ekipan'ny Radio **ENERGIE FM Antsirabe** sy ny ekipan'ny **MADAGATE**